

FANOMPOANA
ASESIKY NY
FITIAVANA
Lesona 9 hatao ny 29 Aogositra, 2026


“Fa tamin'ny haben'ny fahoriana sy ny alahelon'ny foko no nanoratako taminareo tamin'ny ranomaso be, tsy ny hampalahelovana anareo, fa ny mba hahafantaranareo ny fitiavana izay itiavako anareo indrindra”
(2 Korintiana 2:4)



Raha hiroso amin'ny fandinihana ny epistily faharoa nosoratan'i Paoly ho an'ny Korintiana isika, dia hitantsika fa tena mihevitra tokoa ny amin'izay mahasoa ny fiangonana ny apotoly.

Na dia tsy mora aza ny manaraka ny lalan'Andriamanitra eto amin'ity izao tontolo izao feno fahotana ity, dia miteraka olana lehibe ny fanambarana fa Kristiana ny olona iray tamin'ny taonjato voalohany.

Nanomana ny fiangonana hiatrika izany olana izany i Paoly, dia olana ao anatiny na avy any ivelany, ary nampianatra azy ireo mba ho iray ihany ao anaty tena tsy misy fitiavan-tena. Avy amin'io anatra io no ianarantsika ankehitra mba ho "hanitra avy amin'ny fiainana ho amin'ny fiainana". (2 Kor. 2:16).





- Fampiononana avy amin'Andriamanitra ao anaty fahoriana
- Fahamasinana sy fahatsorana amin'ny fanompoana
- Mitondran-tena am-pahendrena
- Famelan-keloka sy famerenana amin'ny laoniny indray
- Ny hanitr'i Kristy

# FAMPIONONANA AVY AMIN'ANDRIAMANITRA AO ANATY FAHORIANA

"Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay mitondra anay mandrakariva ao amin'i Kristy toy ny fanaon'izay avy nandresy, ka dia ampisehoany ny hanitry ny fahalalana Azy eny tontolo eny izahay." (2 Korintiana 1:4)

Ny Korintiana faharoa no epistily izay hiresahan'i Paoly betsaka indrindra mahakasika ny fampiononana. Nandalo toe-javatra sarotra ny fiangonana, ary ny taratasy voalohany nosoratan'i Paoly dia nahatonga azy ireo ho latsaka tanaty alahelo.

Saingy io alahelo izay "araka an'Andriamanitra" io, dia nitondra fibebahana (2 Kor. 7:10). Koa tsy tian'i Paoly ho rakotr'alahelo izy ireo, fa kosa handray fampiononana.



Na izy tenany aza dia mba nandalo fotoan-tsarotra koa rehefa notandindomin-doza ny ainy ka niteraka fahakiviana ho azy izany (2 Kor. 1:8-10). Saingy Andriamanitra no nampionona azy, koa izany no hizarany fampiononana koa ho an'ny fiangonana (2 Kor. 1:6).

**Fampiononana avy amin'Andriamanitra**

- Manafaka antsika amin'ny tahotra
- Mampatsiahy antsika ireo fotoana nanampiany antsika
- Manampy antsika haharitra fahoriana
- Mitarika antsika ho amin'ny fahamatorana ara-panahy
- Mamporisika antsika hanelanelana ho an'ny hafa
- Mifampionona isika rehefa nandray fampiononana avy amin'Andriamanitra

# FAHAMASINANA SY FAHATSORANA AMIN'NY FANOMPOANA

"Izao manko no ireharehanay: ny fieritreretanay dia vavolombelona manambara fa ny fomba nitondranay tena teto amin'izao tontolo izao, indrindra teo aminareo, dia tamin'ny fahatsorana sy hitsimpo nomen'Andriamanitra; satria ny fahasoavan'Andriamanitra no nitarika anay fa tsy ny fahendren'olombelona" (2 Korintiana 1:12)

**Nisy olona sasany nanao tsinotsinona an'i Paoly, ka nilaza azy ho malemy sy tsy mahatapaka hevitra (2 Kor. 10:10). Noho izany antony izany, sy mba ho raisina sy ekena ny toroheviny, dia nilainy ny niaro tena manoloana ny fiampangana toy izany.**


**Amin'ny maha-olombelona azy, dia nihevitra ny tenany ho tsinotsinona izy (Efes. 3:8). Nefa, noho ny fahasoavan'Andriamanitra, dia afaka mirehereha izy fa madio ny feon'ny fieritreretany (2 Kor. 1:12).**



**Noho izany antony izany, dia tsy mifono hevitra ambadika ny soratr'i Paoly. Nanantena izy fa ho vakiana ary ho azo ireo taratasy ireo, ao anatin'ny tontolon-kevitry ny fahamasinana sy ny fahatsoram-po – izany hoe: nosoratana tamim-pitiavana ho azy ireo sy ho fikatsaka izay mahasoa azy ireo (2 Kor. 1:13-14).**



**Afaka milaza ampahatokiana izy sy ireo mpiara-miasa aminy, fa masina sy tsotra [madio] ny fitondrantenany, na tao anaty ny fiangonana na teny ivelany.**



# MITONDRAN-TENA AM-PAHENDRENA

"Ary izaho miantso an'Andriamanitra ho vavolombelona ny amin'ny fanahiko, fa ny fialàko nenina aminareo ihany no tsy mbola nankanesako taty Korinto"
(2 Korintiana 1:23)



Nambaran'i Paoly ny Korintiana ao amin'ny taratasiny voalohany ny drafitry ny diany (1 Kor. 16:5-11):




Nampandre azy ireo izy, tamin'ny taratasiny taty aoriana (2 Kor. 7:8) fa hitsidika azy ireo in-droa (2 Kor. 1:15-16):




Na izany aza, dia nanova ny diany izy ka nanapa-kevitra ny tsy hanao io fitsidihana voalohany io (2 Kor. 1:23). Io fiovana io no nahatonga ny sasany hitsikera azy ho toy ny olona tsy matotra sy tsy mahatapakevitra. Nahoana izy no niova hevitra?

Toa nilaina ny fahatongavan'i Paoly tao Korinto noho ny olana tao. Kanefa, ho nisetra fanoherana izay hitarika fifandirana tiany sorohana izy, satria tiany loatra izy ireo. (2 Kor. 2:1-4).





# FAMELAN-KELOKA SY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY INDRAY

*"Fa izay avelanareo heloka dia mba avelako heloka koa; ary izaho anefa,raha nisy heloka navelako, dia noho ny aminareo no namelako azy teo imason'i Kristy"* (2 Korintiana 2:10)

Raha teny an-dalana ho any Troasy i Paoly, Titosy kosa nankany Korinto. Avy tao Troasy, dia nandeha tany Makedonia i Paoly. Saingy nitebiteby fatratra izy noho ny tsy nahitany an'i Titosy tao Troasy, izay tokony hanome azy vaovao momba ny fiangonana tao Korinto (2 Kor. 2:12-13).

Nihaona tany Makedonia ihany i Titosy sy Paoly taty aoriana kely. Nolazainy azy ny fomba tsara nandraisan'ny fiangonana ny fananaran'ilay apostoly (2 Kor. 7:5-9, 13-16).







Iray amin'ireo olana hovana ny mahakasika ny fitsipi-pifehezana eo anivoan'ny fiangonana. Noho ny fankatoavana ny apostoly, dia nanarina ny mpandika lalàna, ary izy kosa nandray ny fananarana. Izao i Paoly dia mangataka amin'izy ireo mba hiroso amin'ny dingana manaraka: famelan-keloka sy famerenana amin'ny laoniny indray (2 Kor. 2:5-11).

# NY HANITR'I KRISTY

*"Fa hanitr'i Kristy ho an'Andriamanitra izahay amin'izay hovonjena sy izay ho very"*
(2 Korintiana 2:15)



Raha nanao fanambarana ny amin'ny fomba "namohan'Andriamanitra varavarana" ho an'ny filazantsara izay notoriana tamim-pahombiazana tao Troasy i Paoly, dia nirehareha tamin'ny hiakam-piderana sy fandresena: "Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay mitondra anay mandrakariva ao amin'i Kristy toy ny fanaon'izay avy nandresy, ka dia ampisehoany ny hanitry ny fahalalana Azy eny tontolo eny izahay" (2 Kor. 2:14).

Toa ny fielin'ny fofo-manitra iray, dia mahatratra ny fanahy rehetra ny fahalalana an'i Kristy. Ho an'ny Korintiana, sy ho antsika koa, dia fiainana mandrakizay io hanitra io. Saingy, ho an'izay manda ny antso kosa, dia hanitry ny fahafatesana (2 Kor. 2:15-16).





Mifantokana amin'ny andraikitra aterak'izany, dia manazava i Paoly fa tsy maintsy atolotra amin'ny fahadiovam-po ny hafatra, tsy amin'ny fikatsahana tombontsoa ho an'ny tena, fa ho famonjena ny mpihaino (2 Kor. 2:17).

**“Nitondra vaovao mahafaly tokoa momba ny Kristiana tany Korinto io mpanompon'Andriamanitra mahatoky io, satria tena niova tanteraka ny fitondrantenan'ireo. Maro no nanaraka ny torohevitra voarakitra tao amin'ny epistily nalefan'i Paoly, ka nibebaka tamin'ny fahotany. Tsy fahafahambaraka ho an'ny finoana kristiana intsony ny fiainany, fa nanjary nijoro kosa ho vavolombelon'ny toe-panahy masina izay nivelomany isan'andro izy. [...]**

**Io fibebahana vokatry ny asan'ny fahasoavan'Andriamanitra io no mitaona ho amin'ny fiaiken-keloka sy ho amin'ny fahafoizana izany. Toy izany ny vokatra nambaran'i Paoly fa hitany tamin'ireo mpino tany Korinto.**

**EGW (Vavolombelona Mahery, p. 284)**